



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION  
-----

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES  
-----

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

**LAHARANA FAHA-250**

**TATITRY NY ASA VITAN'NY:**

- MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSITRIA, NY VAROTRA ARY NY FANJIFANA;
- MINISITRY NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA.

Fivoriana faha-11  
Natao ny  
Alakamisy 25 may 2023  
- Tolak'andro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA** : Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA** : - Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle  
- Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien

**FOTOANA** : Alakamisy 25 Mey 2023, tamin'ny 2 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA** : Tatitry ny asa vitan'ny:

- Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indositria, ny Varotra ary ny Fanjifana;
- Minisitry ny Jono sy ny Toekarena Manga.

Nitohy ny Alakamisy 22 Mey 2023, tamin'ny 2 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle no nanatanteraka izany.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny fanatanterahana ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, izay fivoriambe hanaovan'ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indositria, ny Varotra ary ny Fanjifana sy ny Minisitry ny Jono sy ny Toekarena Manga ny tatitry ny asa vitan'ny Minisiteran'izy ireo avy.

Taorian'izay, nomeny fitenenana Andriamatoa RAZAFINDRAVAHY Edgar, Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indositria, ny Varotra ary ny Fanjifana hanao ny tatitra mikasika ny Minisitera iadidiany.

Rehefa vita ny fiarahabana ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana ary ireo solotena avy amin'ny Minisitera, niroso avy hatrany tamin'ny tatitra nataony, Andriamatoa Minisitry.

Nasongadiny eto ampanombohana fa tsy mivaona amin'ny velirano faha-7 sy faha-9 nataon'Andriamatoa Filohampirenena ny asa nontaterahan'ny Minisitera iandraiketany.

Voalohany nambara tamin'izany, fa maro ny fananganana orinasa isaky ny Distrika teto amin'ny Nosy ka nividianana ireo milina 75 isa manodina ny vokatry eny ifotony izay tonga tamin'ny faran'ny taona 2022 teo izy ireo. Fanodinana ny vokatry voanjo ho lasa menaka sy fanatsarana ny vokatry tantely no ankamaroan'izy ireny.

Marihana fa mandeha amin'ny herin'aratra sy ny herin'ny masoandro ny milina ary volampanjaka madiodio no nividianana azy ireo.

Efa nozaraina nanomboka tamin'ny volana Janoary 2023 lasa teo izany ary hatreto, milina miisa 11 no naterina tany amin'ny Distrika 11 samihafa. Misy koa milina fanodinana voanjo miisa 3 nalefa any amin'ny Distrikan'i Morondava, Faritra Menabe; Tsiroanomandidy, Faritra Bongolava ary Miarinarivo, Faritra Itasy. Milina iray naterina any Vohipeno, Faritra Fitovinany izay natokana hitotona kafe.

Efa vonona koa ankehitriny, fa miandry ny handefasana antso ho fananganana ny orinasa fanodinana «glace alimentaire» any Maevatanana, Faritra Betsiboka isika amin'izao fotoana izao. Kaoperativa hofantenan'ny Minisitery no hiara-hiasa amin'izany sady hatao ao anaty mangarahara tanteraka ny fifantenana ny orinasa mba hialana amin'ny resaka kolikoly. Marihana fa orinasa atsangana araka ny tokony ho izy ireo orinasa ireo mba hialana amin'ny tsikera ataon'ny sasany. Orinasa natao hanodina ny vokatry eny ifotony sy natao hamatsiana ny tsema anatin'ny izy ireny, ka amin'izay fotoana izay, mba mahatsiaro ho tena tompon'ny orinasa ny vahoaka Malagasy. Ny antony, satria izy no mitantana azy.

Mikasika ny famahana ny olan'ireo orinasa mamokatra ny zavatra ilaina andavan'andro, fanampiana tamin'ny famokarana ny entana no natao mba hialana amin'ny fiankinan-doha amin'ny fanafarana avy any ivelany. Ny tanjona amin'izany dia ny hampison-drotantsika ny fari-piainan'ny tantsaha mpamokatra ary mba hisy lalam-barotra sy hampiakarana ny vidin'ny entana vokarin'izy ireo.

Manarak'izay, ny fananganana sy fampiroboroboana ny indostria, miisa 54 ny indostria vaovao natsangana araka ny lalàna tamin'ny taona 2022 ary miisa 24 ireo tena mahavelompanantenana vao natsangana tamin'ny 4 volana voalohany tamin'ity taona 2023 ity.

Mitohy ny fiaraha-midinika amin'ireo mpandraharaha sy mpampiasa vola izay nandray anjara tamin'ny «forum national d'investissement pour l'urgence de Madagascar» teny amin'ny CCI-Ivato tamin'ny volana Oktobra 2022 lasa iny. Hirosoana amin'ny revolisiona indostrialy no tanjona amin'izany. Azontsika tanterahana tsara izany raha misy fahavononana eo amintsika Malagasy. Natao ny fikarohana hevitra niaraka tamin'ny mpiaramiombon'antoka entina mba hampiroboroboana ny indostriantsika, tahaka ny fitrandrahana ny "charbon" any Sakoa mba hamahana ny olana na somary sarotra aza izany satria tsy maharaka ny angovo eto amintsika. Tamin'ny fiarahana amin'ny sehatra tsy miankina, vahaolana naroson'izy ireo koa ny hahaleovany tena amin'ny angovo ampiasany.

Mikasika izay indostria izay hatrany, notokanan'ny Filohampirenena ny indostria manodina siramamy any Antananifafy-Mahajanga II tamin'ny volana Jolay 2022, mba hialana amin'ny fanafarana siramamy avy any ivelany. Hamokatra siramamy koa ny orinasa any Mahatalaky, saingy noho ny tsy mbola fahavokaran'ny fary nambolena kasaina haodina ho siramamy dia tsy afaka manao izany izy, ka izay no antony mahatonga ny vidin'ny siramamy somary lafo amin'izao fotoana izao. Marihana fa tetikasan'ny Filohampirenena rahateo izay zavatra izay.

Mikasika ny orinasam-panjakana SECREN any Antsiranana izay misedra olana amin'izao fotoana izao, efa niezaka nanao fivoriana maro ho fitadiavana vahaolana isika, ka izany dia niarahana tamin'ny mpandraharaha vahiny sy ny Minisitery. Anisan'izany ny fivoriana niarahana tamin'izy ireo izay natao tamin'ny volana Oktobra 2022 ho fanarenana ny orinasa. Nisy orinasa miisa telo namaly ny antso hamolavola ny drafitra ara-stratejika hanarenana ny orinasa SECREN rehefa natao ny tolo-bidy.

Momba ny AGOA, nanao niezaka ny fitondrana Malagasy nandresy lahatra ny Amerikana mba hisitrahana'i Madagasikara ny fanafarany entana amin'ny alalan'io ary nandehanana tany Etazonia mihitsy ny solotenantsika nanao izany fifampiraharaha izany.

Mikasika ny Kaoperativa, manentana hatrany ny Minisitery mba hivondrona ny tantsaha mpamokatra amin'izay hisy ny fanamorana ny tantsoroka omena azy ireo. Teo anatrehan'izay, nitombo ny isan'ny Kaoperativa natsangana, mahatratra 301 ny isan'izany ankekitriny.

Efa vitan'ny Minisitery ny fandrafetana volavolan-dalàna hanavaozana ny Kaoperativa sady efa natao koa ny fankatoavana izany mba ho fampandraisana anjara azy ireo amin'ny fandoavana hetra.

Momba fifidianana ireo olona mitantana ny "chambre de commerce" manerana ny Nosy, ela no tsy nisian'izany ka hatao ny fanavaozana mba ho fandraisana andraikitra mikasika ny asa sahaniny na eto an-toerana izany na any ivelany. Tontosa soa aman-tsara ny fifidianana miisa 14 amin'ireo 19 eo anivon'ny Antenimieran'ny varotra. Izany hoe, miisa 5 no sisa hotanterahana afaka fotoana vitsy.

Nisongadina koa ny ezaka nataon'ny Minisitery raha namita iraka tany ivelany; izany hoe, tsy maintsy mitondra vokatra amin'ny fitadiavana ny tsenam-barotra.

Nisy ny fihaonana tamin'ireo Ambasadoro miasa sy monina eto amintsika izay fikatsahana fiaraha-miasa. Hitondrana vokatra eo amin'ny varotra ifanaovana amin'ireo firenena ireo no tanjona amin'izany. Ohatra, ny anton-dia "Canada" tamin'ity volana Mey ity dia nanao fifanarahana ara-barotra ny mpandraharaha Malagasy sy ny mpandraharaha Kanadiana; vokatr'izany, nahita mpividy lavanila, jirofo, "huile essentielle" ary ny vahona sy ny hafa koa.

Ankoatran'izay, nahavita fifanarahana ara-toekarena na "accord de partenariat économique" tamin'ny vondrona Eoropeana koa isika ary anisan'ny zava-dehibe ho antsika ny nahavitana izany.

Misy koa ireo firenena niaraka tamintsika nandrafitra volavolam-pifandraisana ara-barotra; toy ny "Maroc, Algerie, Turquie", ary i Angletera. Marihana tsy ny fanafarana entana ihany no hataontsika amin'izy ireo, fa ao koa fahafahantsika manondrana ny vokatra avy aty amintsika mankany amin'ireo firenena ireo; tahaka ny lavanila, jirofo ary "cacao".

Raha momba ny fepetra hisarihana ny fampiasam-bola kosa; mila mpampiasa vola matotra sy maharitra ny firenena Malagasy na an-tanàn-dehibe izany na any ambanivohitra. Hametrahana ny fifampitokisana amin'izy ireo no antony nanitsiana sy nanavaozana ny lalàna tamin'ny taona 2007 momba ny fampiasam-bola ary efa nankatoavina teto amin'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona androany izany; ka isaorana anareo roa tonta sahady.

Efa ao anatin'ny fandrafetana ny volavolan-dalàna momba fandaharana ny taozava-baventy na "avant-projet de loi sur la programmation industrielle" koa isika amin'izao fotoana izao.

Momba ny voly fanondrana, indrindra ny lavanila izay tena mahasarika ny sain'ny besinimaro. Nahitana tsikera avy amin'ny mpanao politika sasany sy ny fiarahamonim-pirenena koa izany ary efa nidina tany Sambava, Andriamatoa Filohampirenena, nitafa

mivantana tamin'ireo mpisehatra amin'ny lavanila sady nikaroka vahaolana mikasika ny fidinan'ny vidiny. Tamin'izany, nanapakevitra ireo mpandraharaha, fa tokony hasiana fahalalahana ny fanondranana sy ny fanesorana ny famerana ny vidiny farany ambany izay "250 Dollars". Efa nampahafantarin'Andriamatoa Filohampirenena tamin'ny fomba ofisialy tamin'io fihaonana io ny fanekena ny fangatahan'ny mpisehatra amin'ny lavanila, fa hotazonina kosa ny famerana ny vidiny farany ambany ho 75 000 Ariary mba ho fitsinjovana ny tantsaha mpamokatra.

Mikasika ny jirofo kosa, nitombo ny vokatra tamin'ny taona 2022, satria niakatra ho 40 000 taonina izany raha 25 000 taonina tamin'ny taona 2021. Izany hoe, i Madagasikara no mitana ny laharana voalohany maneran-tany amin'ny fanondranana jirofo ary faharoa kosa isika amin'ny famokarana izany aorian'i Indonezia.

Ho an'ny vokatra "cacao" indray, nitombo koa ny famokarana tamin'ny taona 2022, satria raha nanondrana "cacao" sy ny vokatra azo avy aminy nahatratra 15 000 taonina isika tamin'ny taona 2021; niakatra ho 16 000 taonina izany tamin'ny taona 2022.

Momba ny masomboly kosa, nanao ezaka momba ny fanatsarana ny «cacao» ny fitondrana, ka zanakazo "cacao" miisa 25 000 no nozaraina tamin'ny mpampoly tany amin'ny Distrikan'Ambanja.

Nasandratra avo ny sehatra «cacao» ary nohavaozina koa ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanany. Afaka mirehareha ny Malagasy satria isika no manana karazana «cacao» tsara indrindra aty Afrika. Tsy misy manana «cacao fin» raha tsy isika eto Madagasikara hatramin'izao. Eo amin'ny resaka haavon'ny kalitaon'ny "cacao" izay, nahazo medaly volamena iray sy alimo roa i Madagasikara nandritra ny fifaninanana iraisampirenena tamin'ny taona 2022 ary isika no handray ny «panel cacao fin» amin'ny volana Jona 2023 izao. Noho izany, hitodika aty amintsika ny mason'izao tontolo izao satria firenena miisa 20 farafahakeliny no handray anjara amin'izany.

Momba ny famatsiana ny entana ilaina andavan'andro, mitsinjo ny madinika sy ny sahirana ny Minisitery amin'ny fanaraha-maso ny vidin'entana eny an-tseny. Tsy marina ny filazan'ny sasany hoe: misy manao manjaka tokana amin'ny vidin'entana eto amintsika ary maro ny zavatra natao hisorohana ny fahasahiranana mianjady amin'ny mpanjifa. Ohatra amin'izany, nanafatra vary tsinjo 19 600 taonina izay namidy tamin'ny vidiny mirary isika no sady nanao fanaraha-maso ny vidin'entana eny an-tseny araka ny volaza teo, manara-maso ihany koa ny fivarotana ireo entana efa lany daty. Iarahana amin'ny mpiara-miombon'antoka sy ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa hatrany amin'ny Faritra ny fanaovana izany ary tsy maintsy dorana izay entana tratra.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra ary ny Fanjifana no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'ny fahavitan'ny tatitra nataony.

Nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomena fitenenana.

Nanamarika, Andramatoa RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène, fa tokony nataon'Andriamatoa Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indositria, ny Varotra ary ny

Fanjifana an-tsoratra sy zaraina amin'ny Solombavambahoaka ny tatitry ny asa vitany satria tsy afaka manamarina sy manara-maso an'izay voalaza izy ireo.

Mbola nohamafisin-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine koa izany tamin'ny satroka nataony.

Taorian'izay, nomenan'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana Andriamatoa Minisitry, nambarany mankasitraka ny fanamarihana natao ny tenany ary niangavy ny hanomezana ny anaran'ny Solombavambahoaka nanatrika ny tatitra nataony mba handefasana izany an-tsoratra amin'ny fotoana mahamety azy.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice kosa raha nangataka fitenenana, niangavy ny hahatongavan'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta izay tokony hanao tatitry ny asa vitany ny Zoma 26 Mey 2023, amin'ny tapany maraina.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa efa nisy fankatoavana ny fandaharam-potoana nasiana fanitsiana teto anivon'ny Antenimierampiranena, ka tapaka tamin'izany fa ny Zoma 26 Mey 2023 dia toy izao manaraka izao ny fandaharam-potoana izay inoana fa tsy tokony hiova intsony.

Tatitry ny asa vitan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, manomboka amin'ny 10 ora, maraina: «Ministre de Développement Numérique, de la Transformation Digitale, des Postes et Télécommunication» sy ny «Ministre de l'Énergie et des Hydrocarbures». Amin'ny 3 ora, tolak'andro kosa: «Ministre de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique; Ministre de l'Éducation Nationale; Ministre de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle» ary amin'ny 5 ora, hariva, ny «Ministre des Transports et de la Météologie».

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana hanao ny tatitry ny asa vitany, Andriamatoa MAHARANTE Paubert, Minisitry ny Jono sy ny Toekarena Manga.

Fiarahabana ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, sy ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indositria, ny Varotra ary ny Fanjifana, ny Solombavambahoaka tonga nivory no nanombohany ny fitenenana.

Taorian'izay, niroso tamin'ny tatitra ny tenany.

Marihana fa miainga amin'ny Velirano faha-6 sy faha-9 ary faha-10 nataon'Andriamatoa Filohampirenenana no antony nananganana ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga tamin'ny taona 2021. Manana vina ho fampiroboroboana ny sehatry ny jono sy fitrandrahana ny harena an-dranomasina sy ranomamy ary fanatsarana ny fitantanana no imasoan'ny Minisitry.

Misy paikady miisa 5 novolavolain'ny Minisitry; voalohany amin'izany ny fanatsarana ny fitantanana ny harena voajanahary anaty rano eto Madagasikara, izay ahitana «cluster d'économie bleue» sy ny fidirana ao anaty «initiative de transparence des pêches», ka isika no firenena fahadimy sahy niditra tamin'izany. Anisan'ireo firenena fahatelo manana paikady amin'izany isika raha aty Afrika no resahana. Iarahana miasa amin'ny «Union Africaine» sy ny BAD izany, indrindra momba ny jono sy ny harena anaty rano.

Misy koa ny fananganana «commissions facultatives» samihafa ho fanatsarana ny fiainan'ny mpanjono madinika izay iarahana miasa amin'ny «société civile».

Ny paikady manaraka dia mikasika ny ady atao amin'ny jono tsy manara-dalàna, izay antsoina hoe: “pêche non réglementée et non déclarée” misy eto Madagasikara. Isaorana manokana, Andriamatoa Filohampirenena, tamin'ny fametrahana izay paikady izay sady namatsy fitaovana maro entina miady amin'io jono tsy manara-dalàna io. Marihana fa sambo roa ihany no ananantsika izay ampiasaina amin'ny fanaraha-maso ny ady atao amin'io jono tsy ara-dalàna io, tafakatra 16 izany amin'izao fotoana izao noho ny fiaraha-miasa amin'ireo firenena avy any ivelany sy ireo mpamatsy vola. Raha ny tanjona dia hampiakatra 47 isa amin'ireo sambo mpanara-maso ireo amin'ny faran'ity taona 2023 ity. Ny antony, betsaka ny vola very tsy tafiditra ao anaty kitapom-bolam-panjakana noho ny jono tsy manara-dalàna ataon'ny sasany.

Ny paikady manaraka dia mikasika ny fifanaraham-piaraha-miasa momba resaka jono. Ny Governemanta Japoney dia nanao fanavaozana fifanaraham-piaraha-miasa tamintsika mikasika ny fitrandrahana lamatra izay haharitra roa taona. Hita tao anatin'izany ny hampidirany sambo mpanjono miisa 10 eto amintsika, miisa 7 aloha izany amin'izao fotoana izao ary nampiditra vola «1 160 000 Dollars» tao anaty kitapom-bolam-panjakana. Nanao fanavaozana fifanaraham-piaraha-miasa tamin'ny Vondrona Eoropeana koa isika. Marihana fa fifanaraham-piaraha-miasa laharana faha-11 natao tamin'izy ireo dia nanomboka tamin'ny taona 1986. Ny fifanarahana farany kosa, tapitra tamin'ny 31 Desambra 1998 ka nohavaozina izany. Nisy fifampiraharaha imbalo miatoana vao tonga tamin'ny fahavitan'izao fanavaozana fifanaraham-piaraha-miasa izao ary tamin'ny andro naha Minisitry ahy izany.

Misy koa fanavaozana fifanaraham-piaraha-miasa mikasika ny fitrandrahana makamba, ka misy sambo vahiny Malagasy miisa 47 no ampiasaina amin'izany no sady misy teratany Malagasy an'arivony no misitraka asa momba izany. Marihana fa nampiakatra hatramin'ny 5%-n'ny «redevance des pêches» eto amintsika io paikady io. Ho fizarana vaovao amintsika, teo amin'ny 255 ho eo no isan'ny sambo nanjono tamin'ny fari-dranomasin'i Madagasikara taona vitsy lasa izay; amin'izao fotoana izao kosa, nahena ho 66 ihany ny isany. Izany hoe, tsy maintsy atao izay hamerenana ny karazan-trondro saika lany tamingana teto amintsika.

Ny paikady fahaefatra ampitaina amintsika dia ny «mise en œuvre des documents stratégiques» eto Madagasikara. Ny fampiharana azy io no mahatonga ny Minisitry tsy maintsy midina eny ifotony amin'ny fampiroboroboana ny sehatry ny jono. Ao anatin'izay, manatanteraka fizarana fitaovana maro ho an'ny mpanjono madinika na an-dranomasina izany na an-dranomamy; tahaka izay koa ny fizarana zanatondro ho an'ireo mpiompy trondro; na an-tanimbary izany na ao anaty dobo. Hampiakarana ny fihinanana trondro vokarina eto Madagasikara no tanjona amin'izany.

Ny paikady fahadimy farany kosa dia mikasika ny “chaîne de valeur» na ny fametrahana sy fampiakarana ny lanjan'ny vokatra vokarintsika eto an-toerana mba hanara-penitra ka azo aondrana any ivelany, toy ny drakaka, ny makamba sy ireo karazan-trondro hafa.

Izany hoe, raha fehezina, nahomby tanteraka ny ezaka nataon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga hatramin'izay ka hatramin'izao.

Fisaorana ireo Minisitry mirahalaha mpikambana ao amin'ny Governemanta nanatontosa ny anjara fanaovana tatitra no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay sady nirary soa ho azy ireo ihany koa amin'ny fanohizany ny andraikiny mba hahasoa ny vahoaka Malagasy.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, mbola namerina fisaorana ho an'ny rehetra nahatontosa ny fivoriana ny tenany ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka izay hotanterahana ny Zoma 26 Mey 2023:

- Amin'ny 10 ora, maraina, tatitra hataon'ny «Ministre de Développement Numérique, de la Transformation Digitale, des Postes et des Télécommunications» sy ny «Ministre de l'Énergie et des Hydrocarbures».
- Amin'ny 3 ora, tolak'andro, tatitra hataon'ny «Ministre de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique», «Ministre de l'Éducation Nationale», «Ministre de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle».
- Amin'ny 5 ora, hariva, tatitra hataon'ny «Ministre des Transports et de la Météologie».

Niato tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona